

**LAHATENIN'ANDRIAMATO A DIDIER RATSIRAKA FILOHAN'NY REPOBLIKAN'I
MADAGASIKARA TAMIN'NY FANKALAZANA NY FAHA-130 TAONA NAHATONGAVAN'NY
FFMA
(FRIENDS FOREIGN MISSION ASSOCIATION)
SY NY FAHA-100 TAONA NAHATONGAVAN'NY M.P.F (MISSION PROTESTANTE FRANCAISE)
TETO MADAGASIKARA
(Mahamasina, faha-8 Jiona 1997)**

Ry vahoaka malagasy tsivakivolo,
Ry Kristiana malagasy rehetra,

Ny fisaorana, hono, toy ny tara-masoandro vao maraina, ka ny avo toerana ihany no iantefàny mialoha. Noho izany dia misaotra an'Andriamanitra isika, fa noho ny fitiavany sy ny famindram-pony tsy manam-petra, ny fahasovany tsy hay fefena dia afaka miray fo sy saina amam-panahy isika midera, misaotra ary mankalaza Azy, amin'ny alalan'izao fanamarihana taon-jobily roa sosona izao izay vanim-potoana miavaka tsy azo kosehina eo amin'ny tantaran'ny Firenentsika. Izy no Mpandahatra ny zava-drehetra, tompon'ny ora sy ny fotoana rehetra, ka mety indrindra ny ho tolорantsika ny fisaorana mitafotafo.

Manaraka izany dia miarahaba ny vahoaka malagasy tsivakivolo, miarahaba anareo Kristiana rehetra tsy ankanavaka izahay ary miarahaba manokana ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara izay tompo-marika voalohany amin'ny fanatontosana izao fanompoam-pivavahana manetriketrika atao eto Mahamasina izao, tratry izao taon-jobily manana ny maha-izy azy izao. Miarahaba anareo izahay amin'ny anaran'ny Fitondram-panjakana malagasy ary koa miarahaba anareo amin'ny anaran'ny tenanay manokana. Arahabaina ry Kristiana malagasy tsivakivolo fa nahatratra sy nahatsiaro ity vanim-potoana sarobidy sy manan-daza ity. Tanterakareo tokoa tamin'ity anio ity ny hafatr'Andriamanitra nampitondrainy ny mpanompony ao amin'ny Hebreo 13/7 manao hoe "Tsarovy ny mpitondra anareo izay efa nitory ny tenin'Andriamanitra taminareo, hevero ny niafaran'ny fiainany ka araho ny finoany".

Ny taon-jobily dia natao indrindra ahatsiarovana ny lasa. Koa arahabaina ihany koa ianareo Kristiana naharitra tamin'ny finoana ka nahatsiaro ireo misionera avy amin'ny FFMA sy avy amin'ny MPF ary ny asa sy ny fampianarana navelany ho lovan'ny taranaka fara aman-dimby malagasy rehetra. Ny teny filamatra nofinidinareo rahateo izay notsongaina tao amin'ny Jaona 1/7 manao hoe : "Tonga izy ho vavolombelona hanambara ny Mazava ", dia manantitra ny fahatsiarovanareo ireo mpanompon'Andriamanitra izay nirahiny. Tsy nitelina voa manadino tokoa ianareo fa nihinana voa mahatsiahy amin'izao fahatongavanareo marobe tahaka izao.

Nandeha eram-bazantany araka ny hafatry ny Tompo ireo "fahazavan'izao tontolo izao" ary tsy diso anjara tokoa ny malagasy. Sahy milaza izahay fa endrika fahamaizinana maro karazana no efa resy vokatry ny Filazantsaran'ny Fahazavana tonga teto amintsika. Miara-mahalala koa isika fa tsy vitsy ireo Kristiana no maritioran'ny finoany sy ny fikirizany tamin'Ilay Fahazavana naniraka azy ho fahazavan'izao tontolo izao. Fa ny asan'izy ireny tsy maty ary indreto isika mianakavy, inoanay, vonona hanohy ny efa vitan'izy ireny. Mahafaly fo tokoa ny mahita olona, lehilahy, vehivavy, ny mahita fiangonana, ny mahita fikambanana, ireo rehetra ireo samy kristiana, mikely aina hatrizao mitondra sy mizara amim-pitiavana, mitory ny Filazantsara amin'ny fomba rehetra, na amin'ny teny na amin'ny asa na amin'ny "fitondrantena mendrika ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy" araka ny voasoratra ao amin'ny Filipiana 1/7. Fampianarana maro no azo tsoahina avy amin'ny fivavahana Kristiana, azo tsongaina amin'izany ny fifankatiavana, ny lahatra sy ny tendrin' Andriamanitra. Na dia ny iray amin'ireo ihany aza no novimbiniareo eto amin'itony toerana itony, dia inoana fa avy amin'ny Nahary izany, ary ho fanoitra lehibe tokoa ho fampandrosoana ity Tanindrazana malalantsika ity.

Fa raha mitodika ny lasa izahay dia afaka milaza tsy misy fisalasalana fa mifamatotra tsy azo sarahina amin'ny fiainam-pirenena ankapobeny ny harena sarobidy raketin'izao Jobily fahatsiarovana ny faha-130 taona nahatongavan'ny FFMA sy ny faha-100 taona nidiran'ny MPF teto amin'ny tanindrazantsika izao. Tsaroana tokoa mantsy fa nifandray tamin'ny fitondram-panjakana ambony hatramin'ny taon-jato faha-19, ireo misiona izay ankalazaina ankehitriny ny tsingerintaona nahatongavany teto Madagasikara. Na ny mpanjakavavy tamin'izany na, taty aoriana, ny mpanjanatany frantsay, dia samy nanana fifandraisana tamin'ny FFMA sy ny MPF.

Mampiseho izany fa tena raharaham-pirenena ny mikasika ireo misiona ireo ka tsy nokoboninareo ho raharaham-piangonana samy irery izao fotoan-dehibe izao ary inona moa izany harena sarobidy izany ? Tsy inona fa ny nahazoan'ny malagasy ho eo am-pelatanany ny Baiboly masina sy ny fiorenan'ny Kristiana protestanta teto amin'ity Nosy ity.

Tsy diso izahay raha manamafy etoana , fa miharihary ohatry ny tafika andrefan-tanàna izany, fa ny Lalampanorenana, lalàna fototra itondrana ny tany sy ny fanjakana dia mifanindran-dàlana mandrakariva amin'ny finoana tanan'ny isam-batan'olona. Zo marim-pototra ary tsy azo hozongozonina.

Voasoratra ao amin'ny savaranonando ny rijan-teny toy izao :
"Ny malagasy masi-mandidy. Fatra-pifikitra amin'ny soa toavina ananany eo amin'ny lafiny kolontsaina sy arapanahy ka anisan'izany ny Fihavanana izay antoky ny Firaisam-pirenena. Manamafy ny fisian'Andriamanitra Andriananahary".

Koa raha manatrika izao taon-jobily izao ny tenanay, dia tsy fanehoana ny fiaraha-mifaly aminareo ihany fa fanaporofaona fa ny Fanjakana malagasy tarihinay dia miantoka ny fahalalahana amin'ny finoana ho an'ny rehetra ary tsy azo ferana raha tsy hoe ho fanajana ny fahalalahana sy ny zon'ny hafa sy noho ny fahaterena hiaro ny filaminam-bahoaka. Nanao fianianana teo anatrehan'Andriamanitra Andriananahary izahay tamin'ny nandraisanay tamim-pahavononana ireo andraikitra marobe napetraky ny vahoaka malagasy taminay.

Koa na dia misy aza mety ho mamita-tena, mitompo teny fantatra ka manao fikitra mampiady angely, mampiady lohahevitra tsy mitovy, dia tsy ataonay ho vato misakan-dàlana izany.

Misy moa fitenin-drazantsika manao hoe : "Voasy ny voanjo hijerena ny tavan'arosiny". Amin'ny androm-pahatsiarovana toy izao dia fanao ihany ny manao toy ny dian-tana ka manao indray mitopy maso ny zava-dehibe rehetra nitranga tany aloha tany. Zavatra iray loha ihany anefa no hotsongainay amin'ireo maro niseho satria tsapanay fa mendrika ny hovisavisaina manokana ny momba azy ireny.

Heverinay fa tandrify izao fotoana izao ny voasoratra ao amin'ny Hebreo toko faha-10 andininy faha-24 hoe : "AOKA ISIKA HIFAMPIDINIKA HAMPANDROSO NY FITIAVANA SY NY ASA TSARA " . Raha nihaona tao Imarivolanitra ny LMS sy FFMA tamin'ny taona 1871 dia nandamina fizarana raharaha hoy ny tantara. Lehibe sy midadasika ny faritany nomena hiadidian'ny FFMA, tsy nampitarai-tana-ompaka azy izany fa dia niezaka fatratra na dia tsy nihevitra ny hitondra Fiangonana aza fa hianina tamin'ny asa fanasoavam-bahoaka toy ny fanabeazana sy ny fitsaboana.

Nifampidinihana toy izany koa ny MPF tamin'ny taona 1896 sy 1897 mba handraisany anjara lehibe amin'ny fampianarana, indrindra ny teny frantsay. Notanterahiny tamin-kitsipo izany ary dia nitohy naharitra tokoa.

Raha tonga ny hanatanterahana ny fanagasiana eo amin'ny Fiangonana malagasy, dia voaravona avokoa ireo olana nisakatsakana ary tamin'ny taona 1968 dia ny firaisam-piangonana mihitsy no vita ka dia najoro tao Toamasina ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara ny 18 Aogositra. Mitambatra amin'izany ny LMS sy FFMA ary MPF teo aloha.

Asa mendri-piderana izany ary azo lazaina fa reharena ho an'ny Firenena malagasy izay mampiseho ny fahamatorany sy ny fahaizany mandamina raharaha sarotra.

Ataonay fa mendrika ho tsakotsakoin'ny mpiray tanindrazana rehetra izany. Eo amin'ny raharaham-pirenena mantsy dia mazava ho azy fa samy manana ny fomba fijeriny ny olom-pirenena. Ary ireny fomba fijery ireny matetika dia tena mifanohitra tokoa . "Manao toy ny mpivaro-jabo ny olona ka samy midoka ny azy ho masaka", tsy manaiky ho mena-mitaha toy ny nify sosona.

Lalan'ny Firenena mandala ny demokrasia izany ka tsy mahagaga.

Irinay mba hiezaka hanaraka ny fahaiza-mandamina nasehon'ny LMS, FFMA sy MPF ny olom-pirenena rehetra ka ny hevitra no ampiadiana fa ny tsirairay kosa dia hanandratra avo mandrakariva ny hasin'ny fifankatiavana malagasy.

Irinay mba ho fomba fiasa raikitra eto amin'ny Firenentsika koa ny fananana fo tony, tsy manompo ny hambom-po, fa mahay kosa mampifanatonana ny hevitra tsy mitovy ary vonona hampandefitra ny hevitra ny tena mba hikorohana marina ny soa ho an'ny Firenena sy ny vahoaka malagasy.

Ry Kristiana havana,

Mety dia mety ny fankalazana ny taon-jobily toy izao kanefa manaoatra lavitra noho izany ny tokony handinihina dieny izao izay ho fihetsika sy ezaka amin'ny fibanjinana ny ho avy. Ny pejy navalona tsy maintsy mitohy fa tsy mifarana eo; pejy vaovao indray no hosokafantsika. Inona no ho soratana ao ? Toe-tsaina toa inona no hanatanterahana izany ? Finoana toa inona no hoenti-miatrika izany? Hiverin-dàlana eny Egipta va isika fa tsy mahafofy ny tongolo manitra?

Fanontaniana tsy maintsy hasiam-baliny ireo raha te-hampitombo ny ambaindain'ny finoana Kristiana malagasy isika satria misosa toy ny rano avy any an-tendrombohitra ireo karazam-pivavahana manomboka manorim-paka eto amintsika. Tsy vitsy ireo tratry ny harato ka tokony ho mailo dia mailo ianareo mpitondra fivavahana sao tara fitery ronono ka ilaozan'ny omby mihahaka.

Mitaky fandinihan-tena lalina izany, mitaky finiavana matotra ary mitaky fanapahan-kevitra hentitra izay mifantoka indrindra amin'ny maha-fahazavan'izao tontolo izao ny kristiana.

Hoy ny mpanjaka Radama raha nandefa taratasy tany amin'ny filohandohan'ny LMS izy : " Tiako raha kristiana ny vahoaka malagasy no koa mahay asa tanana, andefaso olona hanampy ahy amin'izany ".

Hoy koa izahay aminareo vahoaka malagasy kristiana : "Mbola misy ve kristiana votom-pinoana hiara-hanondrotra aminay ny fiainam-pirenena ka hahatonga tsy ho teny mipetraka fotsiny ilay fitenenana hoe : "Madagasikara ho an'i Kristy ary Kristy ho an'i Madagasikara"?

Alohan'ny hamarananay izao lahateny izao dia tsy hainay ny tsy hisaoatra anareo mahatsiaro sy mitondra amam-bavaka ny Firenena sy ny Fitondram-panjakana malagasy isan'ambaratongany. Hery lehibe ho anay izany, satria toa an'i Solomona Mpanjaka, ny valim-bavaka voalohany sy tsara indrindra dia nahazoany ny fahendrena avy amin'ny Jehovah, fahendrena ahazoany mitondra ny vahoaka sy ny Firenena. Mino izahay, fa voarakitra hatrany ao amin'ny tonom-bavaka ataonareo ny fangatahana izany fahendrena avy amin' ny Jehovah izany, ho anay Mpitondra Fanjakana malagasy. Sitraka enti-matory izany, ry Havana malala, ka valiana isaky izay mahatsiahy.

Eny, amin'izao fankalazana ny faha-130 taonan'ny FFMA, sy ny faha-100 taonan'ny MPF izao, dia mirary soa sy fahombiazana feno izahay, ho an'ny kristiana rehetra, izay manatanteraka ny asa ary ny adidy aman'andraikitra niantsoana ny tsirairay. Ny firosoan'ny Malagasy maro eo amin'ny sehatry ny fivavahana kristiana dia endrika iray isehoan'ny fahalalahana eto amintsika ary koa marika iray manambara ny fitiavantanindrazana, araka ny voasoratra manao hoe : "Sambatra ny Firenena izay manana an' i Jehovah ho Andriamaniny"

Mitso-drano ny Kristiana rehetra izahay, hahaleo hahalasa, hahefa be eo amin'ny asan'ny tompo izay niantsoana anareo, araka ny fanomezam-pahasoavana tandrify ny tsirairay. Mazotoa sy mahereza fa tsy foana akory ny fikelezanareo aina. Ho tanteraka aminareo anie ny tenin'i Jesoa Kristy manao hoe "Tsy misy olona efa nahafoy trano, tany... ray, Reny ... noho ny amiko sy ny filazantsara, ka tsy handray zato heny amin'izao andro ankehitriny izao ... ary amin'ny andro ho avy, dia fiainana mandrakizay." (Marka 10 : 29 - 30)-

Ho an'Andriamanitra irery ihany anie ny voninahitra; ho antsika kosa, amin'ny alalan' Ilay Fahazavan'izao tontolo izao, ny fiadanana!

Ry Andriamanitra velona, Andriamanitra soa sy tsara indrindra, ho hamasinina anie Ianao, dia Ianao izay Aina, Hery sy Fahazavan'izao tontolo hita maso sy tsy hita maso rehetra izao. Ho hamasinina anie Ianao Andriamanitra Tsitoha, Andriamanitra Fanaperana indrindra, Andriamanitry ny fandriampahalemana. Arovy, tantano ary vimbino mandrakariva ity Firenena ity, mba hiadanan'ny vahoakanao. Ho voninahitry ny Anaranao masina no angatahinay an'izany.

AD MAJOREM DEI GLORIAM